GSDM
*Professionnels de l'Agro-écologie*

# TOROLALANA MAHOMBY, HO AN'NY FAMBOLENA MAHARITRA

german cooperation
DEUTSCHE ZUSAMMENARBEIT
giz

## VOLY KAZAHA SY VOLY VOANKAZO NA VOLY FANONDRANA ANATY BASKET COMPOST

### TOMBOTSOA :

1. Hanatsarana ny fahalonahan'ny tany
2. Hazaoana vokatra kazaha betsaka amin'ny velarantany kely
3. Hanatsarana ny fambolena voankazo na voly fanondrana
4. Hanatsarana ny fanjarian-tsakafo
5. Hanatsarana ny farim-piain'ireo tantsaha

### IREO DINGANA ARAHINA :

#### 1 - FANANGONANA IREO AKORA




Mety atao akora avokoa rehefa fakon-javamaniry afatsy ireo masiaka toy ny kesika sy kininina. Ny "légumineuse" no tena tsara atao zava-maitso (mora lo, mitondra azota). Arakaraky ny akora azo no anaovana ny isan'ny lavaka

#### 2 - LAVAKA




Halaliny : 40 sm
Vavany : 60 sm * 60 sm
Elanelan'ny lavaka roa : 80 sm

#### 3 - FENOINA NY LAVAKA




Hafatratra tsara sy atao mifandimby ny fametrahana ireo akora, totofana tany manify ary atao mivohitra mba tsy hiangonan'ny rano



#### TOROMARIKA

Tsara raha atao mandritry ny volana Aprily - May ireo asa 3 ireo satria mbol betsaka ireo akora maintso ary mbola malemy ny tany

### TAONA 1

#### 4 - VOLY KAZAHA



Volena ny kazaha refa lo avokoa ireo akora rehetra natao tanaty lavaka

#### TOROMARIKA

Iray volana sy tapany aorian'ny fanotofana ny lavaka no ambolena ny kazaha : volana Jolay - Aogositra

### TAONA 2

#### 5 - VOLY VOANKAZO NA VOLY FIHINANA (Fifandimbiasamboly na Fampivadiamboly)



Volena amin'ny fotoana mahazatra ny hazo fihinam-boa na voly fihinana